

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo 09 Jona 2022

Ho fampiharana ny didy hitsivolana laharana faha 2022-667 tamin'ny 11May 2022 mikasika ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy sy ny registry ny lisitry ny mpifidy nasionaly, dia naneho ny fahavononany tanteraka ny Vaomieram-pirenena Misahana ny Fifidianana. Ho fanombohana ireo tetikasa goavana , ny CENI dia nikarakara sehatra ifampidinihina miaraka amin'ireo mpiara-miombona antoka mba hahazoana ny fanohanana sy ny fandraisana anjaran' ireo mpisehatra rehetra. Notanterahina izany hamaliana indrindra ny vina tiana hitondrana sy hanatsarana ny tontolom-pifidianana dia "ny Fifidianana voalamina tsara azo antoka ary eken'ny rehetra izay mitondra amin'ny fitoniana tanteraka".Izany dia mitaky ny fandraisana anjaran'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana.

"Ity atrikasa fakan-kevitra ity dia tsy natao hampahafantarana ny mpisehatra amin'ny fifidianana ny fizotry ny fanavaozana ny lisitry mpifidy ihany, fa natao indrindra, handraisana ireo soso-kevitra hoentina hanatsarana ny fomba fiasa naroson'ny CENI», hoy ny filohan'ny CENI , DAMA Arsène nandritra ny lanonam-panokafana ny atrikasa tao amin'ny NOVOTEL Alarobia ny 09 Jona 2022 . Nohamafisiny fa « ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy dia goavana, saro-pady ary sarotra kanefa inoantsika fa io no fototra isian'ny filaminana ho amin'ny zotram-pifidianana demokratika izany ».Nohamafisiny fa « Ilaina ny fampanaisana andraikitra ny mpandray anjara rehetra amin'ny fifidianana hahafahana manatanteraka ny fanoratana ny mpifidy anaty lisitry ny mpifidy ».

Araka izany, namaly ny fanasan'ny CENI ireo mpikambana amin'ny antoko politika, ireo fiarahamonim-pirenena, ireo mpiara-miombona antoka ara-teknika sy ara-bola (PTF), ary ireo mpitarika ara-pivavahana, hifandinika amin'ny fomba fiasa mahomby mba hahafahana mahazo lisi-pifidianana sy rejisitry ny mpifidy nasionaly marina, azo antoka ary eken'ny rehetra. Hatrarana ny tanjona napetraka dia ilaina ny famaritana ny fomba fiasa mazava, mirindra, ary mahitsy mba hanentanana ny mpifidy hiaro ny tombontsoany ka hanekeny ny fandaminana amin'ny zotram-pisoratana anarana rehetra " hoy hatrany ny Filohan'ny CENI.

Tao anatin'izay atrikasa izay no nitondrana adi-hevitra sy fifankalozana, ary nahafahana namaly ireo fanontaniana rehetra avy amin'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana mikasika ireo fomba mahomby horaisina amin'ny fitondrana ny zotram-pifidianana. Ankoatra izay, ny nahafahan'ny CENI nitondra fanazavana ireo ahiahy tsy hihavanana amin'ny fanatanterahana ny zotram-pifidianana eto Madagasikara

Sehatra roa no hanatanterahana ny atrik'asa fakan-kevitra. Voalohany eo amin'ny sehatra nasionaly izay ho atrehin'ireo solon-tenan'ny antoko politika, ny fiarahamonim-pirenena, ny haino aman-jery ary ireo mpisehatra hafa. Ny faharoa kosa dia eo anivon'ny faritany, na Distrika, natao ho an'ny mpikambana eo anivon'ny Rantsamangaikan'ny CENI,ny mpikambana mpanisa vato,ireo vaomiera ifotony mpanisa mpifidy (CLRE), ny solon-tenan'ny antoko politika,ny fiarahamonim-pirenena,ary ireo haino vaky jery sy ny solon-tenam- fanjakana eo antoerana (Distrika, Kaominina),ny lehiben'ny fokontany, ny tompon'andraikitra ara-panahy sy ara-drazana.

Marihina fa ny tanjona amin'izao fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy izao dia ny hahafahana mampiditra ny anaran'ireo olompirenena mpifidy ao anaty rejisitry nasionaly, lahy na vavy. Ny lisi-pifidianana voarakitra amin'ny alalan'ity fanavaozana ny lisitry ny mpifidy ity no hany manan-kery mandritra ny fe-potoana hanatanterahana ny fifidianana alohan'ny 15 May 2024.Manan-danja araka izany, na ho an'ny CENI, na ho an'ny antoko politika, na ho an'ny fiarahamonim-pirenena,sy ireo haino vaky jery ny fandraisana andraikitra sy fandraisana anjara amin'ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy sy ny rejisi-pifidianana nasionaly mba hiantohana ny fifidianana milamina.



CENI/SEN/SEA/DIREELCOM/SCRP-004-22

COMMUNIQUE DE PRESSE

Antananarivo 09 juin 2022

En application du décret n° 2022-667 du 11 mai 2022 portant refonte des listes électorales et du Registre Electoral National, la Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI) est désormais sur le qui-vive. En effet, avant d'entreprendre les opérations proprement dites de la refonte des listes électorales et du Registre électoral national, la CENI, en tant que chef d'orchestre, a organisé un atelier de concertation avec les parties prenantes aux élections. Une initiative qui répond à sa vision, "Processus électoral bien organisé, fiable et inclusif, garant de l'apaisement", exigeant ainsi la participation inclusive de tous aux élections.

« Cet atelier de concertation, est non seulement une tribune pour informer tous les acteurs électoraux sur le processus de la refonte, mais surtout, pour leur permettre de faire des suggestions afin d'améliorer la méthodologie préconisée », a affirmé le Président de la CENI, Arsène DAMA, lors de la cérémonie d'ouverture dudit atelier au Novotel à Alarobia, le jeudi 09 juin 2022. Et d'ajouter, « Nous avons jugé primordial d'associer toutes les parties prenantes aux élections afin de mener à bien les opérations de recensement des électeurs ».

Ainsi, membres des partis politiques, membres des organisations de la société civile (OSC), les Partenaires Techniques et Financiers (PTF), les associations culturelles ont répondu à l'invitation de la CENI, pour trouver ensemble la méthodologie efficace à adopter afin d'obtenir des listes électorales et un registre électoral national fiables et exhaustifs. *« Il s'avère dès lors nécessaire, pour atteindre les objectifs, certes ambitieux, de définir une méthodologie réaliste, cohérente et objective afin d'exhorter les électeurs à protéger les acquis démocratiques, et à intégrer le processus de recensement »*, poursuit le Président de la CENI.

Durant cette journée d'atelier, à l'issue des débats et des discussions, la CENI a pris en compte toutes les suggestions des participants pour trouver les combinaisons gagnantes et pour élaborer par la suite une méthodologie adaptée. De même, cet atelier a été une occasion pour la CENI de répondre à tous les questionnements de tous les acteurs et de clarifier également certaines craintes dans la conduite du processus électoral malagasy.

A noter que cet atelier de concertation se réalisera sur deux niveaux. Le premier au niveau national, à l'intention des représentants des partis politiques, des OSC, des Médias et des autres acteurs. Le second, au niveau Provincial et éventuellement des Districts, à l'intention, des membres des démembrements de la CENI, des Agents recenseurs, des Membres des Commissions Locales de Recensement des Electeurs (CLRE), des Représentants des Partis politiques, des OSC, et des Médias locaux, des représentants de l'Etat au niveau local (Districts et Communes), des Chefs de Fokontany, des Responsables religieux, ainsi que des Notables.

A préciser que l'objectif au cours de cette opération de refonte est d'arriver à inscrire dans le Registre National tous les citoyens, hommes et femmes en droit de voter et cela en accord aux standards internationaux d'habitants. Les listes électorales élaborées à travers cette refonte seront les seules à être valide lors des prochaines échéances électorales qui se tiendront avant le 15 mai 2024. Il est ainsi primordial, que ce soit pour la CENI, que ce soit pour les partis politiques, les OSC et les médias de prendre leurs responsabilités respectives et de prendre part à cette refonte des listes électorales et du registre électoral national pour assurer des élections apaisées.